# MOFONAINA 30 SEPTAMBRA 2024 – Genesisy 35:9-15

**Ny Tompo no mampiorina amin'ny finoana**

## 1 – Miantso sy manova

Gn 35:10

Rehefa avy tany Mesopotamia, Jakoba dia tafahaona tamin'Andriamanitra indray tao Betela (tranon'Andriamanitra). Fihaonana nandraisana fiantsoana anaram-baovao, Fizina vaovao: Jakoba (Mihazona ny ombelahin-tongotra) tonga Isiraely (Gn 32:28-29 tao Peniela sy Gn 35:10 tao Betela). Isaky ny mihaona amin'Andriamanitra isika dia ampahatsiahiviny fa efa olom-baovao isika.

### FAMPIHARANA

Tonga mihaona amin'Andriamanitra hatrany fa tsy misy fiovana. Finiavana sy fitiavany manokana no mahatonga azy eto fa tsy Andriamanitra miantso.

### ANTSO

Mampahatsiaro anao ny Tompo fa efa niantso anao Izy ary efa nanova anao.
Efa tena tonga tamin'ny fiovana ve ianao?

---

## 2 – Mampahatsiaro ny fanekena (Genesisy 1, 12)

- Genesisy 1 (Teny tamin'ny fahariana)
- Genesisy 12 (Ny teny tamin'i Abrama)

Ao amin’ny fanekena nataon’ny Tompo mihitsy no iorenantsika amin’ny finoana.

Raha itarina, dia ny Baiboly manontolo no fototry ny fanekena izany. Ao no misy ny teny fampanantenana ivelomantsika isan’andro ka mahavelona sy mampiorina ny finoantsika. Tsy miova izany Teny izany ary tonga mampitoetra antsika koa.

## FAMPIHARANA

Ny finoantsika indraindray dia aorintsika amin’ny feo rentsika etsy sy eroa.

Feo toa marina nefa diso rehefa iverenana ifotony araka ny Soratra Masina.

## ANTSO

Mampahatsiaro antsika ny fanekeny ny Tompo.
Aza adinoina ny mamerina mamaky ny Baiboly mba hiorenanao amin’ny finoana ary hampitoetra tsara anao amin’ny fanantenana.